## FEHIN-KEVITRY NY FIHAONAM-BE

Nifarana androany asabotsy 14 Aprily 1979 ny Fihaonam-be iraisam-pirenena momba ny «Tantara sy ny haren-tsain'ny faritra atsimo sy andrefan'i Madagasikara». Izany Fihaonam-be izany no tanteraka dia noho ny fanampiana sy fiaraha-miasa tamin'ireo manam-pahefana na eto an-toerana izany na any Antananarivo. Izany Fihaonam-be izany no tontosa antsakany sy andavany dia noho ny fahazotoan'ireo mpandraharaha rehetra (sekretera, agents de service, chauffeurs...) na ny avy eto amin'ny C.U.R. n'i Toliary na ny avy ao amin'ny Sampana Tantara any Antananarivo. Koa fisaorana sy fankasitrahana no atolotra azy ireo avy.

Tamin'ity Fihaonam-be ity no nahatsapana fa ireo faritra ireo dia manana ny Tantarany. Tantara izay nafenimpenin'ny fitondran'ny mpanjanatany izay tsy nijery afa-tsy ny toe-javatra sy faritra sasantsasany nentina nanamarina ny politikany.

Ireo famelabelarana nifanesisesy dia naneho fa tsy mitombona ireo fiheverana teo aloha ary hita fa diso eo amin'ny lafiny siantifika ary ratsy eo amin'ny ara-politika

Izany anefa tsy midika fa voalaza tao daholo ny tokony holazaina satria ireo asa vita tao amin'ny Fihaonam-be dia mampibaribary fa ilaina haingana ny fanitarana ny «décentralisation», ny soritr'asam-pikarohana, ny fifandraisana amin'ny fikarohana fototra maro samihafa sy ny fampiharana eo amin'ny fampandrosoana.

### *NY FITSINJARANA NY FAHALALANA HOAN'NY FARITANY REHETRA*

Ny famokaram-pahalalana izay iandanian'ny mpampianatra mpikaroka eto amin'ny C.U.R. n'i Toliary sy ny ao amin'ny Toeram-pianarana ambony ny Teny sy Haisoratra any Antananarivo, ary koa ireo mpikaroka avy any ivelany izay manaiky handray anjara tamin'ny asa rehetra natao sy hampita amintsika ny fahalalany. Tsy ampy anefa izany ary lasa zavatra tsy misy vokany, tsy misy lanjany raha tsy misy ny fanitarana sy ny fampielezana azy. Eo anatrehan' izany toe-javatra izany dia maniry sy manantena fanampiana ny mpandray anjara tamin'ny fihaonam-be mba ahazoany mamoaka ny vokatry ny asa vita ary maniry koa izy fa hiparitaka ireo asa ireo, tsy ho eto amin'ny C.U.R., Lycées,

C.E.G., vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana eto Toliary ihany fa eran'ny Nosy sy any ivelan'i Madagasikara koa aza.

Tokony hahafantatra ny rehetra fa io tantaran'ny faritra atsimo sy andrefana io dia efa misy voasoratra ny sasantsasany. Tsy azo atao intsony ny milaza fa tsy misy na inona na inona, izay minia milaza fa tsy misy na inona na inona dia maneho eo anatrehan'ny vahoaka ny hakamoany sy ny tsy firaharahiany ny zava-misy teo aloha.

Ilaina ny hanomezana ny mpianatra sy ny mpampianatra ary mpikaroka ny fitaovana enti-manohy ny fikarohana sy ny fomba hitahirizana ny zava-tsoa navelan'ny razana. Ilaina maika ny hamonjena an'izy ireo ka tokony hisy rafitra manana ny fitaovana ampy amin'izany. Anisan'ny zavatra maika tokony hatao araky ny hevitry ny fihaonam-be dia :

1°) – Ny fananganana sampan-draharahan'arsivam-paritany, izay afaka hitahiry «microfilms» avy any an-kafa, na avy any Antananarivo izany na avy any ivelany. Izany sampan-draharaha izany koa dia hiandraikitra ny fanangonana sy ny fanajariana ny arsivam-paritany. Ilaina maika mihitsy ny hanatanterahana io asa io satria tsy misy sampan-draharaha manam-pitaovana hikarakara an'ireo arsivam-paritany amin'izao fotoana izao, hany ka simba sy very izy ireo.

2°) Ny fananganana ny trano fitahirizana ny vako-paritany mba ahazoana mametraka amin'ny toerana iray ny tahiry ara-tantara sy ara-pomba amam-panao mikasika ny faritra Izany koa dia ahazoana manorina zaridaina sy fiompiam-biby *(zoo)* izay hikolokoloana ny zava-maniry sy biby avy aty amin'ny faritra atsimo sy andrefana ao amin'ny toerana voajanahary misy azy avy. Amin'izany dia manantena indrindra ny fanampian'ny EACROTANAL izay misahana ny fianarana ny fiteny sy ny fanangonana lovan-tsofina araka ny voalazan'ny mpitondra teniny.

3°) – Ny fampandrosoana ny fikarohana, eo amin'ny fivoaram-pirenena ankehitriny.

4°) – Ny famaritana politika vaovao momba ny fampielezana sy famahoana ny fahalalana, ohatra amin'ny fanampiana an'ireo gazety, boky izay efa mivoaka, fanomezana fandaharam-potoana ao amin'ny Radio.

## *NY FAMPANDROSOANA NY FIKAROHANA.*

Eo amin'ny fivoaram-pirenena ankehitriny dia ilaina maika ny fanangonana betsaka indrindra ireo fitaovana (lovan-tsofina, arsiva) izay hany tokana ahazoantsika manantatra ny tantara sy ny haren-tsaina malagasy. Noho izany dia rariny sy hitsiny ny fanankinana amin'ireo toeram-pikarohana ny fanatontosana ny drafitr'asam-pikarohana.

1°) – Ny fikarohana eo amin'ny lafiny archéologique izay afaka manome zava-baovao sarobidy dia tokony hamporisihina sy hitarina. Manampy antsika amin'ny famantarana ny fisian'ny mponina tamin'ny andro fahagola, sy ny fivoaran'ny rafi-piaraha-monina malagasy ao anatin'ny faritra atsimo sy andrefan'i Madagasikara izany.

2°) – Ny lovan-tsofina dia manome zava-baovao izay tsy mitovy amin'ireo azo amin'ny lafiny archéologique, anefa tena saro-bidy satria mirakitra ny fitadidiana ny zava miseho taloha, tsy teo amin'ny fiainan'ny andriana ihany, fa teo amin'ny fiainan'ny vahoaka koa.

3°) – Ny fanangonana ireo lovan-tsofina ireo dia tsy maintsy ampiarahana amin'ny fahalalana ny fomba isan-karazany, izay manampy amin'ny famantarana ireo lovan-tsofina amin'ny fametrahana azy amin'ny toerana sy fotoana nandraisana azy, ary koa hampisongadinana ny zava-misy sy ny fihetsika izay tsy hazavain'ny lovan-tsofina.

Ho fanatanterahana izany soritr'asa izany, ny Institut d'Ethnologie n'i Toliary dia tokony hanana ny fitaovana ilaina rehetra. Ny trano fitahirizana ny vako-paritany dia tokony ho afaka hisahana fikarohana koa. Izany rehetra izany dia mitaky ny fanohanan'ny manam-pahefan'ny Faritany sy ny ao amin' ny fanjakana foibe : ny MESUP/RES, ny MINISEB, ary ny MACR izay manana solon-tena izay nanaraka ny fizotry ny fihaonam-be.

## *NY FIFANDRAISAN'NY FIKAROHANA SY NY FAMPANDROSOANA ARA-TOE-KARENA SY ARA-TSOSIALY.*

Nivaingana tsara nandritry ny asan'ny fihaonam-be fa tsy mitoka-monina ny Oniversite. Miaina eo anivon'ny firenena ary mihaino ny hetahetam-pon'ny vahoaka malagasy izy ary mahatsapa tsara ny andraikiny amin'ny fampandrosoam-pirenena. Amin'izany dia tsipahina ny hevi-dratsy aelin'ny sasany mitady hampiditra hevitra manavakavaka ara-poko na ara-paritra.

Amin'izany anjara raisin'ny Oniversite izany dia tsapa fa be ny asa fikarohana azo omena hosahanin'ny mpikaroka aty amin'ny Oniversite. Singanina manokana amin'izany ny fikarohana ataon'ny sampana géographie izay azo sy tokony hampiasaina amin'ny fampandrosoana amin'ny ankapobeny. Ny vokatry ny fikarohan'ny Oniversite dia azony atolotra koa hanampiana ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana raha tadiavin'izy ireo izany.

Manarak'izany, ilaina maika ny fanorenana sampana miandraikitra ny fanangonana ny mikasika ny fihetseham-pahafanan'ny vahoaka : sampana izay hanana masoivoho isam-paritany koa. Izany dia mifanitsy indrindra koa amin' ny soritra sy lalana izorantsika eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao.

Ilaina toa izany koa ny hanasiana ny tantaram-paritany ao amin'ny fandaharam-pianaran'ny fampianarana ambaratonga faharoa rehefa havaozina izy io. Izany no ahazoana mijery ny tantaram-pirenena ao amin'ny ankapobeny.

Alohan'ny hisarahany, ny mpandray anjara amin'ny fihaonam-be dia maneho ny finiavany hiasa ho an'ny vahoaka amin-kahalalahana, mba hahatanteraka ny firaisam-pirenena sy mba hahatonga an'i Madagasikara tsy handohalika.